# TORITENY - ALAHADY faha-26 TSOTRA - TAONA D



***Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana,***
***ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana,***
***ny faharetana, ny fahalemem-panahy***

Ry kristianina havana, nandinika manokana araky ny fampianaran'ny Eglizy ny mikasika ny harena isika tamin'ny Alahady lasa, tsy ny harena no ratsy fa kosa tsy maintsy atao mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Eglizy sy sitrak'Andriamanitra dia ny fomba nazahoana ny harena, ny fomba hampiasana ny harena ary ny tanjona ho tratrarina amin'ny harena. Mamerimberina antsika ary natao ho teny faneva sy filamatra eo anivon'ny sekoly katolika izay manabe amin'ny lafiny rehetra ny maha-olona sy maha zanak'Andriamanitra ny hoe "Harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny besinimaro". Amin'izao Alahady faha 26 mandavantaona izao dia mbola asain'ny Eglizy isika amin'ny alalan'ireo vakiteny handinika tsara fa ny hoavy ihany koa dia miankina amin'ny fomba fijerintsika ny harena. Teny filamatra ampiasaintsika momba izany ihany koa eo anivon'ny fanabeazana ireo zanantsika sy fanabeazana katolika ho antsika mianakavy dia ny hoe "Anio ny hoavy fa tsy rahampitso". Arakaraky ny hamolavolantsika sy ny fomba fikatsahana ary fampiasana ny harena no hanomanantsika ny hoavy. Izany no mahatonga ny Eglizy nametraka fotompampianarana hoe " Ny soa atao hilevenambola" izany hoe ny harena entina hanasoavana dia manjary mametraka sy manohana anao ny amin'ny hoavy ka ho tsara kokoa ny hoavinao noho ny harena hanapotehana ny hafa, harena azonao anatin'ny lainga sy fitapitaka sy kolikoly ka hanapotehana ny hafa. Ny fialonana sy ny avonavona no manjaka ka zary manangana efitra sy manilikilika ny hafa; raha izany no hanaovanao

> ***Vakiteny I :*** *Am. 6, 1a. 4-7*
> ***Salamo :*** *Sal. 145*
> ***Vakiteny II :*** *1 Tim. 6, 11-16*
> ***Evanjely :*** *Lk. 16, 19-31*

ny harena ? Iny ihany koa no miandry anao amin'ny hoavy, raha hampiasanao hanasoavana sy hikatsahana ny soa iombonana ary anatin'ny fahamarinana tanteraka ny fampiasana ny harena dia levenambolana araky ny tenindrazana sy fotompampianarana androany handalinantsika ny finoantsika.

Ry Kristianina Havana, tsy hoe ivelan'ny fiainana andavanandro ny fiainantsika, tsy zavatra apetaka ety ivelany ny finoana fa tena ao anatin'ny fiainantsika, aoka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Fantantsika fa ny harena no hozatry ny fiainana nefa aoka ho entintsika sy hiainantsika hanomanantsika ny hoavy ary ny hoavy dia izay no mandrakizay ka tsy maintsy tandrovintsika sy hiainantsika dieny izao. Izany no maha Eglzy Olona Velona antsika, raha mipetraka tsara izany fotompampianarana izany ka io harena io mamokatra tokoa ka mampivelatra ny olona rehetra, izany ny antson'Andriamanitra ho antsika ka mahatonga antsika ho zanany. EOV isika miaina izany ka afaka manorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra ka hihitatra ny fanjakan'Andriamanitra, hivelatra ny tontolo iainantsika, ny tontolom-piainantsika sy ny tontolom-pinoana hahatonga antsika  ho taranaka mpanorina.

Ireo vakiteny telo androany dia manampy antsika handinika ny finoantsika amin'izao fandalanim-pinoana hirosoantsika amin'ny taona masin'ny misiona hahatonga antsika ho tena iraka tokoa, vita batemy aho ka hirahina eo anivon'izao tontolo izao. Tsy anisan'izao tontolo izao isika na dia miaina sy mivelona eo anivon'izao tontolo izao ka noho izany  tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao no entintsika mamolavola ny fiainantsika fa araky ny hevitr'Andriamanitra. Vokatr'izany zary fahazavana sy fanasina isika. Kristy mpiara-belona amin'olona, izany no maha misionera antsika.

Raha tanteraka tokoa izany rehefa tonga ny fankalazana ny kongresy Eokaristika dia zary tabernakla velona isika izany hoe mitondra antsika hanahaka an'i Kristy  làlana sy fahamarinana ary fiainana.

Ny vakiteny voalohany mananatra antsika I Amosy mpaminany amin'ny fampiasana ny harena, aoka isika tsy ho varimbariana amin'ny fiainantsika eto, amin'izay fanilikilihina ny hafa noho ny fitiavantena fa aoka hararaotintsika inty fiainantsika mba hijerentsika sahady ny hoavy amin'izay hivelatra tokoa isika. "*Mila loza ireo mandry feizay ao Siôna, sy mitoetra matoky ao an-tendrombohitr'i Samaria. Mandriandry eo ambony farafara ivoara izy ireo; sy mivalàndotra eo amin'ny sofàny; mihinana ny zanak'ondry avy amin'ny andian'ondry izy ireo, sy ny zanak'omby voafahy ao an-tranon'omby.*" Ka tsy miraharaha ny hafa. Aoka isika hahay hifampikarakara tsy hifanilikilika, aoka hifanasoa.

Jesoa ao amin'ny evanjely amin'ilay fanoharana mikasika an'ilay mpanankarena sy ilay Lazara, misy lesona anankitelo azontsika hosontinina, aoka hanampy antsika izany.

Voalohany dia aoka ho fantantsika fa ny mpanankarena amin'ity fanoharana ity dia tsy mba nisy anarana fa anonyme, isika rehetra dia samy manankarena, ireo talenta nomen'Andriamanitra antsika dia matetika entintsika hanilikilihina ny hafa, izany no nanjo an'ity mpanankarena, ka rehefa tapitra ny fiainany teto antany ka tonga ny fiainankoavy, tapidalan-kaleha izy ka tao anatin'ny fijaliana mandrakizay. Nitady ny fomba rehetra izy nangata-bonjy fa tsy tafavoaka intsony. Ny fahendren-drazana milaza hoe ny nenina tsy mba aloha hananatra fa any aoriana handatsa.

Raha ny fiainana mandatsa dia tsy azo raisina intsony. Izany no anatra tian'I Jesoa ambara eto. Aoka ny harentsika tsy hanapotehantsika ny hafa, tsy angalarana ny fomba hahazoana azy fa anaty fahamarinanana, aoka ho fanasoavana ny hafa. Isika rehetra io mpanankarena io ka raha sanatria tsy mahay mampiasa ny harentsika isika dia ho loza ho antsika.

Faharoa tsara ho fantantsika dia misy anarana ilay mahantra eto dia I Lazara, ny tian'I Jesoa ambara dia tsy atao anonyme ny asa fanasoavana fa entina hanasoavana ny hafa sy ny besinimaro, fikolokoloana olona amin'ny lafiny rehetra ny fanaoavana soa. Endrik'I Jesoa ireo olona hanaovantsika soa ary fantaro fa tsy ny sapile vitantsika, tsy ny kominio vitantsika, tsy ny hasivian'ny zoma voalohany vitantsika fa isika manao asa soa, mamelona fa tsy sanatria mamono. Mamelona isika raha manasoa ny hafa na ara-tsaina na ara-panahy na ara-batana. Olona tena olona  no manantanteraka ny asa soa.

Ny fahatelo dia miainga amin'ny fampianarana aroson'ny Eglizy izany rehetra izany, doctrine sociale de l'église, miainga amin'ny sakramenta, fandalinam-pinoana ataontsika amin'ny fiomanana ny kongresy eokaristika izao. Izany no ananaran'I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa *" tahirizo tsy hanam-pentina na hisy tsiny ny didy, hatramin'ny fisehoan'i Jesoa Kristy Tompontsika,"*
Aoka isika hanararaotra izao fotoana izao hanaovana ny soa sy hahatsara ny finoana mba hahazoana ny fiainana mandrakizay ary ny fandalinam-pinoana no hahatsara izany. Mamporisika antsika ry Kristianina Havana mba hananararaotra izao vanimpotoana izao hiroso amin'ny lalindalina mba hametraka ny fandalinam-pinoana ho zava-dehibe, tsy ho finoana ankandrina fa arahin'asa dia ny asa fanasoavana fa ny soa atao levenambola. " *Tehirizo tsy hanampetina ny didy hatramin'ny fisehoan'I jesoa tompontsika. Mpandidy tokana, Mpanjakan'ny mpanjaka, Tompon'ny tompo. Izy irery no manana ny tsy fahafatesana, mipetraka ao amin'ny fahazavana tsy hay hatonina, tsy misy olombelona nahita Azy, ary Azy ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amen."* Lazain'I Md Paoly tsy mora ny fivelomanana an'izany isan'andro fa tena ady : "*Miadia amin'ny ady tsara ny finona". Io no hany ady tsara : ady amin'ny fanaovana soa.*

Izany no tian'ny fanoharana ambara raha milaza I Jesoa hoe manana ny Moizy sy mpaminany izy ireo ka aoka hihaino izy ireo izy, raha tsy hihaino izy tsy hino na dia misy mitsangana ny maty"

Tsy ny fahagagana araka ny fanontaniana mipetraka matetika henontsika "aiza ny fahaganana ?" fa ny fahaizantsika mampiditra ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fiainantsika. Eglizy ny eglizy raha mivavaka, izany hoe mihaino ny Tenin'Andriamanitra sy mandray ny sakramenta. Eglizy kely manomboka amin'ny fianakaviana, izany no hampirisihina antsika hanana Baiboly. Eglizy ny Eglizy raha mandray an-tànana ny finoana, raha mirotsaka tokoa amin'ny fiainana andavanandro, amin'ny fanaovana ny asa fanasoavana, fikatsahana ny soa iombonana sy fampanjkana ny rariny sy ny hitsiny.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, ambaranao anay androany mba tsy ho revo amin'ny rendrarendran'izao tontolo izao fa hametraka ny fo amam-panahinay ao aminao ilay harena sarobidy. Raha ianao no harena ao amponay dia harena hozarainay fa tsy hifikirana ho anay irery ka mamolavola ny fiainana hoavy izahay miaraka aminao. Omeo anay ny fo mahay mangoraka, omeo anay ilay fahazavana hahafahanay mitarika ny hafa. Enga anie noho ny asan'ny kristianina vahoakanao tsy ho hisy ny

fanilikilihina, na fanaratsiana ny hafa fa iombona aminao tanteraka izahay ka zary ho EOV manorina ETA ka ho taranaka mpanorina izahay. Ho tena mpizara fahasoavana eo amin'ny mpiara-belona aminay ka maninteraka aminay ny teny fanevan'ny Kongresy Eokaristika : Ny Teny tonga Nofo, Nofo tonga Mofo ary Mofo tonga Aina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson